

“SAKAIZAN’NY FANANTENANA” : ANDRON’NY MPAMANGY

09 AVRILY 2016

TORITENY : **TETEZANA IRAY ANTSOINA HOE FANANTENANA**

Efa teo an-dalam-paharavana i Jerosalema taorian’ny fahirano nataon’ny tafika babyloniana azy. Taorian’ireo fanafihana marobe izay namonoana ny tsara indrindra sy ny mamiratra indrindra, dia izay hitan’ireo mpanafika fa tsy dia misy vidiny loatra sisa navelany tao amin’ny tanin’ny Joda. Izao no teny voalohany nataon’ilay mpaminany izay lazaina matetika fa mpaminany mitomany : « Indrisy, mitoetra manirery izao ilay tanàna feno olona! ... llay nalaza tamin’ny firenena sy andriambavy tamin’ny tany samy hafa dia efa miankin-doha kosa izao! » (Fitomaniana 1 : 1). Mbola tohizan’i Jeremia ihany hoe : « Lasan-ko babo ny Joda noho ny fahoriana sy ny haben’ny fanompoana; Mipetraka ao amin’ny jentilisa izy, nefo tsy mahita fitsaharana; Izay rehetra nanenjika azy dia nahatratra azy teo an-keterena. » (and. 3).

Milaza ny ratram-pony ny amin’izay nanjo ny vahoakany i Jeremia raha niteny hoe : « Pahina ny masoko azon’ny ranomaso, mandevilevy ny foko; Naidina tamin’ny tany ny atiko noho ny fandringanana ny oloko zanakavavy, sy noho ny ankizy madinika sy ny zaza minono izay ana eny an-kalalahana ao an-tanàna. Miampatrampatra eny andalambe ny tanora sy ny antitra; Ny virijinako sy ny zatovoko dia lavon’ny sabatra, Novonoinao tamin’ny andro fahatezeranao izy, eny, naripakao, fa tsy niantranao. (Fitomaniana 2 : 11, 21).

Mpanao salamo iray tsy fantatra anarana, izay hita taratra taty aoriana fa anisan’ny babo tany Babylona, no nilaza io ratram-po io koa raha nanoratra hoe : « Teo amoron’ny onin’i Babylona no nipetrahanay, sady nitomanianay, raha nahatsiaro an’i Ziona. Teo amin’ny hazomalahelo teo afovoan’i Babylona no nanantonanay ny lokanganay. Fa teo dia nangataka anay hihira izay namabo anay; Ary izay nampahory anay nangataka anay hanao fifaliana ka nanao hoe: Manaova hiran’i Ziona eto anatrehanay. Nefa ho nataontsika ahoana no fihira ny fihiran’i Jehovah Tany an-tany nivahiniana? ” (Sal. 137 : 1-4).

Tsy mora ny manomboka toriteny iray raha toa ka faharatsiana no mamenno ny eritreritra. Miaina ao anatin’ny tontolo ahitana olona te hahita fahatsarana isika ankehitriny ; ny anton’izany dia satria hodidinin’ny faharatsiana loatra isika. Nandritra iny taona vao nifarana iny, dia naheno ny amin’ireo fiaramanidina nianjera avy eny ambony eny noho ny antony tsy hay hazavaina isika, ireo areti-mandringana izay namono olona maro, ireo ady maro samihafa any amin’ireo toerana izay nanjakan’ny filaminana, ireo krizy ara-toe-karena any amin’ireo firenena izay noheverina fa voaro amin’izany. Santionany fotsiny anefa ireo voatanisa ireo.

Eo amin’ny lafim-piainan’ny tena manokana, dia ao : ireo faktiora maro isankarazany, ny fanamboarana tsy maintsy atao izay tsy noeritreretina akory, ny fiakaran’ny hetra aloa nefo ny karama tsy miakatra akory, ny aretina, ny fanaintainana, ny fahafatesana. Hain’i Jesosy tsara ny nanambara izany rehefa niteny

tamin'ny mpianany Izy hoe : « At� amin'izao tontolo izao no ahitanareo fahoriana » (Jaona 16 : 33).

Matrika ady lehibe ara-panahy koa isika eo am-panatanterahana ny fitomboana ao amin'i Kristy. Izao no nambaran'i Jesosy momba ny famonjena : "Miseseha hiditra amin'ny varavarana ety ianareo » (Lioka 13 : 24). Rehefa miteny Izy hoe : « Miseseha », ny teny grika nampiasaina dia ny teny nahazoana ny teny hoe sahirana fatratra. Tsy nampanantena dia ho vita amin'ny fomba moramora Andriamanitra, na dia eo amin'ny lafiny ara-panahy aza. Tahaka an'i Paoly ilay kristiana, dia hitantsika ny tsy fahamendrehan'ny tenantsika (Rom. 7 : 14-24). Tahaka an'i Paoly ilay mpiasan'ny Filazantsara, dia tsapantsika ny tsy fahampantsika (1 Kor. 15 : 9).

Mifanohitra amin'izany anefa – efa 2500 taona lasa izay ka mandrak'androany, moa misy fanantenana ho antsika ve ? Moa ve Andriamanitra manolotra zavatra mihoatra lavitra noho ny fahadisoam-panantenana izay efa mila handrakotra antsika ? Fanontaniana mitombina izany satria misy fitoviana ny fiainantsika ankehitriny sy ny fiainan'ireo vahoaka Joda tamin'ny taona 600 talohan'i Jesosy Kristy. Nahatsiaro ho nenjehin'Andriamanitra ny olona tamin'izany vanim-potoana izany ; ankehitriny mahatsapa ho narian'Andriamanitra ny olona sady tsy manana fanantenana. Tahaka izay nolazaina tamin'izany, dia azontsika atao koa hiteny hoe : « Ary noroahinao tsy hahita fiadanana ny fanahiko, ka efa hadinoko ny tsara. » (Fitomaniana 3 : 17).

Ny fanombohan'ny fanantenana

Mety ho mora ny hanandrana hiaina ao anaty fahoriana sy loza marobe, ka ho latsaka ao anaty fahadisoam-panantenana. Ny fitomanian'i Jeremia anefa dia nivadika tampoka sady tsy nampoizina. Raha nampahatsiahny fahavoazana teo aloha izy dia tsy nijanona ela teo amin'izany. « Tsarovy ny fahoriako sy ny fanjenjenako, dia ny zava-mahafaty sy ny rano mangidy. Tsaroan'hy fanahiko indrindra izany, ka mitanondrika ato anatiko izy. *Izany no ho eritreretiko ato am-poko, ka dia hanantena aho* » (and. 19-21). Manomboka misy ny fanantenana rehefa misafidy ny tsy hifantoka eo amin'izay manodidina antsika isika.

Safidinao ve ny tsy hifantoka eo amin'ny manodidina anao ka hanaisotra ny zava-misy eo amin'ny tontolo misy anao ? Mazava ho azy fa tsia.

Ny fanantenana no toy ny tetezana izay mampitohy amin'ny hantsana. Ny fanantenana no ilay lalana izay andehantsika miala eo amin'ny toerana izay misy antsika ankehitriny mankany amin'ny toerana izay tiantsika aleha.

Tsy nanafoana tao an-tsainy ny amin'izay nanjo ny vahoakany i Jeremia. Naharary azy izany. Tsy nisy andro izay tsy nahatsiarovany ny zava-nitranga. Na dia voababon'ny hafa aza ny fireneny – nentina any an-tany hafa ny havany sy ny sakaizany – dia tsy nanaiky ho voababon'ny fahadisoam-panantenana izy.

Inona no nataon'i Jeremia an-tsaina ? Inona no nanome fanantenana azy ? Inona no fitaovalam-panorenana nanamboarana ilay tetezana ka nitarika azy hihotra ny fahadisoam-panantenana ? Izao no tohiny ao amin'ny andininy 22 : « Ny famindrampon'i Jehovah no tsy nahalany ritra antsika, fa tsy mitsahatra ny fiantrany. »

Na amin'ny fomba ahoana no nandikana io hevitra io, na amin'ny fomba ahoana no ahitana azy, dia nanana fanantenana i Jeremia, tsy noho ny amin'izay hitan'ny masonry na noho ny amin'izay zavatra niaiany tamin'ny alalan'ny fihetseham-pony ; fa noho izay hitany tao am-pony. Fantany tao am-pony lalina tao, fa mifanohitra amin'izay zavatra mitranga dia tsy handao ny vahoakany Andriamanitra. Tsy namela ny olom-boafidiny ho kamboty Andriamanitra. Fantany fa ho ratsy kokoa noho izao ny fiainana raha nandao ny olom-boafidiny Andriamanitra.

Ankoatra ny maha be fitiavana sy be famindrampo an'Andriamanitra dia mbola hitan'i Jeremia ihany koa fa Andriamanitra be fangoraham-po Izy. Mety hisy hanontany tena angamba hoe inona moa no maha samihafa izany ; ny fangoraham-po dia midika hoe miara-miaritra na eo akaikin'ny olona iray. Nandalo fahorian-tsaina ilay mpaminany nitomany, fa fantany kosa fa tsy nandalo izany toe-javatra izany ireny izy. Fantany fa misy Andriamanitra any an-danitra any izay mahatsapa be lavitra ny fahorian tsirairay avy izay mihatra noho ireo izay any amin'ny fahababoana.

Mora kokoa amintsika ny mino fa tsy misy olona mahatsapa ny fahorantsika rehefa mandalo izany fitsapana isika eo amin'ny fiainana – rehefa marary isika, rehefa mandalo fangirifiriana tsy misy fiafarany ny havantsika, rehetra iharan'ny tsy rariny ny olona sasany, rehefa iharan'ny loza voajanahary, rehefa manambaka olona ny orin'asa mba hanatsarana ny toe-bolany. Ny tenin'i Jeremia anefa dia mampahatsiahys antsika mandrakariva fa na dia eo aza izany rehetra izany sy ireo toe-javatra maro samihafa izay mitranga amin'ny fomba tsy ampoizina, dia manodidina antsika mandrakariva sy manandratra antsika hatrany ny fitiavan-dehibe sy ny famindrampon'Andriamanitra. Tsy anjarantsika ny mifantoka eo amin'izay zavatra manjo antsika sy manodidina antsika. Ny anjarantsika dia mifantoka eo amin'izay ataon'Andriamanitra amintsika na dia eo aza ireny zavatra mihatra amintsika ireny.

Tadidio ny tenin'ny mpaminany. Tsaroany ny fahoriany sy ny fanjenjenany, dia ny zava-mahafaty sy ny rano mangidy. Fa mbola lehibe lavitra noho izany, dia tadidiny fa Andriamanitra dia maneho fitiavany aminy sy amin'ny olona ary eo anilany mandrakariva ka miara-miaritra fahorian aminy. Tsy mandalo vetivety akory ny fijeren'Andriamanitra ny olony. Andro aman'alina izany. 24 ora isan'andro, fito andro isan-kerinandro. Hoy ny mpaminany hoe : « Vaovao isa-maraina » ny fangoraham-pony/ny famindrampony (and. 23).

Mamarana io toko io amin'ny fanambarana fohy sy tsotra nefo mavesa-danja i Jeremia. Teny roa monja amin'ny teny hebreo nefo mifono hevitra lalina. Maro no dikan-teny nandikana ireo teny roa ireo : « Lehibe ny fahatokiana ».

Zavatra azo itokiana, mendri-pitokisana no dikan'ny teny hoe amena. Manaiky ny halehiben'ny fahatokian'Andriamanitra eo anivon'ny ora manjombona i Jeremia. Na dia fantatsika aza fa misy ny fitsapana, ny fahorian, ny fahadisoam-panantenana ary ny fangirifiriana (marina tokoa fa sady tsy ho tanteraka mihitsy no tsy ara-baiboly ny filazana fa tsy misy ireo zavatra ireo), dia tokony hifantoka amin'izy ireo isika. Mifanohitra amin'izany dia tokony hanizingizina ny amin'ny fahatokian'Andriamanitra amintsika isika. Ny fanantenana dia namboatra tetezana izay nahazoan'i Jeremia niala teo amin'ny fiainana lasa feno alahelo nankany amin'ny ho avy mamirapiratra.

Ny tohin'ny fanantenana

Ny tetezana sasany anefa mandany fotoana kokoa ny mandeha eo aminy noho ny hafa. Misy tetezana roa any amin'ny faritra atsimon'i Louisiane izay eo ambonin'ny ranon'i Pontchartrain. Samy mirefy 38km avy ny halavan'izy ireo. Raha toa ka miala avy any avaratra mankany atsimo ianao na avy any atsimo mankany avaratra, dia tsy maintsy mandany 30 minitra amin'ny fiarakodia. Maro amin'ny olona izay mampiasa io tetezana io no miampita eo ka miala ao an-trano mba hamony ny toeram-piasana ny maraina, ary miverina any an-trano indray ny hariva. Ho an'ny ankamaroan'ny olona dia mampitohy zava-misy anankiroa eo amin'ny fiainana ireo tetezana roa ireo.

Ho antsika ny fanantenana dia toy ny tetezana izay ahafahantsika miala eo amin'ny toerana misy antsika mba hahatongavantsika any amin'izay toerana tiantsika aleha. Raha miala eo amin'ny toerana A ka te ho tonga any amin'ny toerana B anefa dia tsy maintsy mitady zavatra hitondra anao. Moa ve misy olona afaka handeha an-tongotra avy eny amin'ny andaniny roa avy amin'ny tetezana eo ambonin'i Pontchartrain ? Eny. Kanefa dia handany fotoana be izany sady mahavizana ; mandeha fiarakodia no mety kokoa. Inona àry no atao raha toa ka tsy manana fiara ianao ? Afaka mindrana ny fiaran'ny hafa ianao, tahaka ny ataon'ny zatovo izay mindrana ny fiaran'ny ray aman-dreniny mba handehanana any amin'ny toerana iray.

Amin'izany hevitra izany no nanohizan'i Jeremia ao amin'ny andininny 24 hoe : « Jehovah no anjarako, hoy ny fanahiko, ka dia hanantena Azy aho. » Ao amin'ny Salamo 16 : 5 dia nampiasa io teny hebreo io koa Davida mba hilazana ny fitiavan'Andriamanitra azy. Nisafidy ny tsy hifantoka eo amin'izay zava-nitranga i Jeremia, satria fantany fa Andriamanitra dia nandray andraikitra ny amin'ny fanomezana azy sy ny vahoakany izay rehetra ilainy mba hivelomany. Izany no nahatonga azy niteny hoe « Ka dia hanantena Azy aho » (and. 24).

Amin'ny teny « espagnole », ny matoanteny hoe « esperar », araka ny zava-misy eto, dia azo adika hoe « miandry » na « manantena ». Natoky an'Andriamanitra ny mpaminany, satria fantatny fa amin'ny fotoana mety dia hamaha ny olana Ilay Andriamanitra Mahery. Hanome izay rehetra ilaina ho amin'ny dia hialana amin'ny lasa mankany amin'ny ho avy Izy, na toy inona na toy inona fotoana ilaina hanaovana izany. Afaka niandry an'Andriamanitra i Jeremia satria nanana fanantenana tao Aminy.

Ny teny fikasan'ny fanantenana

Matetika ny fiandrasana an'Andriamanitra dia mitaky fihaihana goavana saingy ny fanaovantsika izany dia mampivelatra ny fananantsika faharetana sy fahatokiana lehibe izay mety tsy ho azontsika sady mety ho fanandramana tsy ho nolalovantsika akory.

Talohan'ny Jiosy dia efa nandalo mialoha ny fanandraman'ny babo tahaka azy ireo i Josefa. Saingy tena ratsy tokoa no nolalovan'i Josefa satria dia ireo rahalahiny iray tampo aminy izao no nivarotra azy. Taona maro taty aorianana dia mbola nandalo fanandramana hafa mikasika ny fahababoana ihany izy na dia tsy meloka aza. Nogadraina izy.

Voalaza ao amin'ny Genesisy toko faha-40 sy faha-41ireo nofin'ny mpitondra kapoakan'ny mpanjaka sy ny mpanao mofo ary ny vokatr'izany : ny iray tsara ary ny

iray kosa ratsy. *** Tsy nisy tsy nahare ny fisavorovoroan'ny fahatsiarovan'i Josefa ireo zava-nitranga teo amin'ny fiainany tamin'ny faniriany lalina mba hanana fahafahana - njery todika ireo fahoriany ary njery nanoloana ery ampitan'ny tetezan'ny fanantenana – raha iny izy nitaraina tamin'ilay mpitondra ‘kapoaka hahafahana tsy ho ela’ ka nanao hoe : “Fa mba tsarovy aho, rehefa mahita soa hianao, ka trarantitra hianao, iantrao aho, dia lazao amin'i Farao aho, ka avoahy amin'ity trano ity ; fa nangalarina mihitsy avy tany amin'ny tanin'ny Hebreo aho, ary aty koa tsy mba nanao izay tokony ho nanaovany ahy eto amin'ity lavaka ity aho.” (40: 14, 15). Dia mbola nisy roa taona be izao alohan'ny nahitany soritra kely ny mety hahafahany avy amin'izao tahotra nanjo azy noho ny lasa ratsiny izao.

Indraindray eo amin'ny fiainana dia mahita isika fa toa miriotra mankamin'ny maizina tsy fantatra ny fiainantsika, matetika difotr'ireo fahatsiarovana izay afaka hitantsika mazava raha toa ka ampitahaina amin'ny fiheverantsika izay tsy hitantsika mazava akory. Toa tsy hita soritra tsara akory ny lasa, manelohelo ny fiainantsika. Toa foana ny fanantenana ary ny nofinofy irery ihany no sisa henjehina.

Nanao ahoana re ny fomba niainan'i Josefa nandritra ireo fotoana nanjombona ireo e ? Mety ho ireo teny nifototra tao amin'ny Fitomaniana 3:25,26 no valin'izany “Tsara Jehovah amin'izay manantena Azy, dia amin'ny olona izay mitady Azy. **Tsara ny miandry ny famonjen'i Jehovah amin'ny fanganana.** (fanamafisana nampiana). Tsy nanary ny fanantenana na oviana na oviana mihitsy i Josefa raha tsy izany dia mety ho tafalatsaka tamin'ny fakam-panahy izay naroson'ny vadin'i Potifara taminy; na sanatria mety ho nify ny hanaiky ny fakam-panahy satria toa tsy nisy ho avy hitany amin'izao fanarahana ny faharesen-dahatra ananany izao.

Mihoatra noho izany, nanjary nazava fa arakaraky ny niandrasan'i Josefa ny fanafahan'Andriamanitra azy dia tsara taminy Jehovah, tsy nandrotsaka ny fitahian'ny lanitra taminy fotsiny fa nametraka azy ho amin'ny toerana izay nahazoany ny fanajan'ny olona ihany koa Andriamanitra. Nahatoky an'i Josefa i Potifara ka nataony ho mpiandraikitra ny fananany izy. (Gen. 39:4). Ny mpitandrina ny tranomaizina koa dia nanao torak'izany (and. 22). Tonga teo amin'ny fiainan'i Josefa izany fitahiana rehetra izany satria nomba azy Jehovah ka nomeny fahombiazana sy fanambinana izy (and. 2,23).

Famaranana

Tsy dia mahafinaritra loatra ny miresaka ireo fanaintainana, alahelo, ratram-po izay fanandramana misy iainan'ny tanora sy ny antitra, ny olona lava sy ny fohy, ny manan-karena sy ny mahantre, ireo Tatsinanana (Aziana), ny Afrikana, ny Eropeana, ny Amerikana ary ireo maro hafta rehetra. Hatramin'ny nidiran'ny fahotana dia izany no anjara azon'ny ankamaroan'ireo voahary. Araka ny nolazain'i Paoly hoe : “Fa fantatsika fa izao zavatra ary rehetra izao dia miara-misento sy miara-marary toy izay efa hiteraka mandraka ankehitriny” (Rom. 8:22).

Saingy tsy mijery fotsiny ny tany aoriana izay nitranga i Paoly. Nijery ny andro tsara ho avy izy. “Isika ... dia ... **miandry** ny fananganan-anaka, dia ny fanavotana ny tenantsika. Fa **ny fanantenana no namonjena antsika** ; nefy ny fanantenana hita dia tsy mba fanantenana intsony; fa ahoana no mbola anantenan'ny olona izay efa hitany ? Fa raha isika manantena izay tsy mbola hitantsika, *dia miandry amin'ny faharetana* (isika) [and.23-25]

Ireo fanambarana ireo sy ny hafa izay nolazain'i Paoly ao amin'ny Romana 8 dia manondro ilay Fanantenana Faratampony, Jesosy Kristy, ilay vahaolana tonga lafatra ho an'ny olan'ny fiainana rehetra. Nijery ny any aloha i Paoly, njery ambany ilay tetezana antsoina hoe **Fanantenana**, ary nahita ny andro izay niatrehantsika ireo fihaikana ho toy ny zavatra lasa ary isika homem-boninahitra (8:30). Rehefa izany dia afaka ny hanao ny hiakam-pifaliana hoe : “Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika? . . . Iza no hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'i Kristy ? Fahoriana va, sa fahantrana, sa fanenjehana, sa mosary, sa fitanjahana, sa loza, sa sabatra ? . . . Kanefa amin'izany rehetra izany dia manoatra noho ny mpandresy isika amin'ny alalan'ilay tia anstika. Fa matoky aho fa na fahafatesana, na fiainana, na anjely, na ireo fanapahana, na zavatra ankehitriny, na zavatra ho avy, na hery, na ny ambony, na ny ambany, na inona na inona amin'izao zavatra ary rehetra izao , dia tsy hahasaraka antsika amin'ny fitiavan'Andriamanitra izay ao amin'i Kristy Jesosy Tompontsika” (and. 31, 35, 37-39.)

Aoka ny fanantenana ao amin'i Jesosy, dia ao amin'i Jesosy irery ihany, no ho hery hihazona antsika dieny ankehitriny mandrapahatonga any amin'ny mandrakizay.

Willie Edward Hucks II

Mpiandraikitra Mpanampy Fivondronan'ny Mpitandrina

Foibe Fiagonana Advantista Maneran-tany